# Ilay Voa Tsara Nafafy 19 Aprily 2019

**19** **Zoma**
avrily

**Hoy Pilato taminy : Ka ahoana kosa ary no hataoko amin'i Jesosy, Izay atao hoe Kristy ? Dia hoy izy rehetra : Aoka hohomboana amin'ny hazofijaliana Izy. Fa hoy ny governora : Inona ary no ratsy nataony ? Fa vao mainka niantsoantso izy ka nanao hoe : Aoka hohomboana amin'ny hazofijaliana Izy !** Matio 27. 22-23

### Jesosy teo anatrehan'i Pilato (1)

*Nalaina tao amin'ny Filazantsara* : „Ary tamin'izany dia nalain'i Pilato Jesosy ka nokapohiny. Ary ny miaramila nandrandrana satroka tsilo, ka nasatrony ny lohany, ary nampitafiny lamba volomparasy Izy, dia nanatona Azy ireo ka niteny hoe : Arahaba, ry Mpanjakan'ny Jiosy ! sady namely tahamaina Azy izy.

Dia nivoaka indray Pilato ka nanao taminy hoe : Indro, izaho mitondra Azy mivoaka ho eto aminareo, mba ho fantatrareo fa tsy hitako izay helony, na dia kely akory aza. Ary nivoaka Jesosy misatroka tsilo sy mitafy ny lamba volomparasy. Dia hoy Pilato tamin'ny vahoaka : Indro ny Lehilahy !

Ary rehefa hitan'ny lohan'ny mpisorona sy ny mpiandry raharaha Jesosy, dia niantso ireo ka nanao hoe : Homboy amin'ny hazofijaliana Izy ! homboy amin'ny hazofijaliana Izy ! Hoy Pilato taminy : Entonareo Izy, ka homboy amin'ny hazofijaliana ; fa izaho tsy mahita izay helony. Fa ny Jiosy namaly azy hoe : Izahay manana lalàna, ary araka izany lalàna izany dia tokony ho faty Izy, satria nanao ny tenany ho Zanak'Andriamanitra.

Ary nony ren'i Pilato izany teny izany, dia vao mainka natahotra izy, dia niditra tao anatirova indray izy ka nanao tamin'i Jesosy hoe : Avy aiza moa Ianao ? Fa tsy namaly azy akory Jesosy. Dia hoy Pilato taminy : Tsy miteny amiko va Ianao ? tsy fantatrao va fa manana fahefana handefa Anao aho, sady manana fahefana hanombo Anao amin'ny hazofijaliana koa ? Jesosy namaly azy hoe : Ianao tsy manana fahefana amiko akory, raha tsy nomena anao avy any ambony ; koa izay nanolotra Ahy taminao no manan-keloka bebe kokoa.

Ary hatramin'izany dia nitady handefa Azy Pilato ; nefa ny Jiosy niantso ka nanao hoe : Raha alefanao io Lehilahy io, dia tsy mba sakaizan'i Kaisara ianao ; fa izay rehetra manao ny tenany ho mpanjaka dia manao teny manohitra an'i Kaisara."
(Jaona 19. 1-12)